HETRA TAMBATRA

Ny hetra tambatra dia manala amin'ny fandoavana ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny haba amin'ny vola maty, ny vola azo avy aminy dia natokana ho an'ny Faritra ny 40% ary ho an'ny Kaominina ny 60%.

IREO OLONA VOAN'NY HETRA (and. 01.02.02)

Olon-tsotra na orinasa manao asa mahaleo tena manana vola maty na vola miditra tsy misy haba mira na latsaky ny
Ar 20 000 000, ao anatin'izany:

- ny mpamboly, ny mpiompy ary ny mpanjono
- ny mpamokatra
- ny mpanao taozavatra
- ny mpivarotra
- ny mpanao asa aman-draharaha isan-karazany
- ireo olona manana anton-draharaha mahaleo tena
- ireo mpihira, mpanao hoso-doko sy ny mitovy aminy
- ny mpanao sakafo amidy anaty trano na tsia
- ny tompona fiara iray ary mitondra izany mahazaka olona latsaky ny 9 na manana hery latsaky ny 10 CV raha toa ka fitanteran'entana na fitanterana amin'ny alalan'ny fitaovam-pitanterana tsy mandeha milina (sarety, posy, lakana,…)
- ny mpikambana mitantana manana anjara petra-bola be indrindra ao amin'ny orinasa manana andraikitra voafetra manana vola miditra latsaky ny Ar 20 000 000.

Ny foibem-pitantanana ankapoben'ny hetra dia manana fahefana hatrany hampiatra tsy misy fieràna ny mpandoa hetra ho amin'ny fomba fameran-ketra tena izy raha toa ka tsy marina ny fampahalalana nomeny.

TOERANA ANDOAVANA NY HETRA (and . 01.02.03)

- Eny amin'ireny « rafitra manatona vahoaka » natsangana eny anivon'ny Kaominina na Distrika ireny.
- Eny amin'ny ivon-ketra miadidy ny toerana misy ny mpandoa hetra.

FOTOTRA HAKANA HETRA (and. 01.02.04)

Ny fototra hakana hetra ny hetra tambatra dia ny vola maty, na vola miditra na vola azon'ny mpandoa hetra nandritra ny taom-piasana mikatona ny 31/12n'ny taona lasa.

Fanamarihana:
Ny mpikambana amin'ny ivon-toeram-pitantanana nankatoavina iharan'ny hetra tambatra dia mahazo fampidinan-ketra 30%n'ny fototra hakana hetra raha mahafeno ny fepetra araky ny didim-pitondrana, saingy tsy afaka mihoatra ny Ar 500 000 ny fihenana azo atao.

TAHAN'NY HETRA (and. 01.02.05)

- Ny tahan'ny hetra dia 5%n'ny fototra hakana hetra
- Fandraisana farafahakeliny: Ar 16 000
- Ny hetra aloa dia manan-kery herintaona.

FAMORIANA (and. 01.02.06)

Ny hetra tambatra dia ny mpandoa hetra ihany no mikajy azy. Ny fanambarana sy fandoavana azy any amin'ny ivon-ketra mahefa dia tsy maintsy atao alohan'ny 31 Martsa ny taona manaraky ny nahavitana ny vola maty.

Aorian'ny fahazoana ny nomeraom-pamantarana ara-ketra (NIF) ho an'izay taom-piasana voalohany, na ny fandoavana ny hetra ho an'ny taom-

piasana manaraka, dia omena karatra ny mpandoa hetra hanamarina ny maha ara-dalàna azy.

ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA
(and. 01.01.17)

* Mitahiry mandritra ny 3 taona ary mampiseho ireo singan-taratasy fanamarinana vola miditra sy vola mivoaka rehefa mangataka izany ny sampandraharahan'ny hetra, indrindra ny taratasim-barotry ny fividianana ny lany tamin'ny fampandehanan-draharaha sy ny taratasim-barotra namarotana.

* Misoratra anarana any amin'ny rejistry ny fanisana misokatra eny anivon'ny Kaominina misy ny toerana iasana na ipetrahana alohan'ny 15 Desambra isan-taona.

* Milaza ny fiovana rehetra misy amin'ny fepetra anatanterahana ny asa na ny fijanonana amin'ny asa izay voan'ny hetra ao anatin'ny 20 andro.

FITSIPIKA ARA-KETRA HO AN'NY MPANDOA HETRA VAOVAO
(and. 01.01.07)

Iharan'ny hetra tambatra raha toa ny vola miditra vinavinaina mira na latsaky ny
Ar 20 000 000.

Ny orinasa izay mampiditra vola mihoatra io fetra io dia voan'ny hetra amin'ny vola miditra.

Foibem-pitantanana ankapoben'ny hetra
Trano MFB Antaninarenina
Rihana faha 4 Varavarana 420
Finday : (261) 20 22 355 50- 20 22 663 14
Tranokala: http//www.impots.mg
Mailaka:dgimpots@iris.mg
Janoary 2009

MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

SEKRETERA JENERALY

FOIBEM-PITANTANANA ANKAPOBEN'NY HETRA

HETRA TAMBATRA
(IMPOT SYNTHETIQUE)